

23 may 2010.

10 Sivan 5770.

## Hevitra misafotofoto mikasika ny famonjena.

« *Fa izao no faharetan'ny olona masina, dia izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy.* » (Apokalipsy 14:12)

Azo atao ve ny mihevitra fa tsy azontsika mihitsy ny dikan'ny hoe ny fahotàna no lafo vidy indrindra eto an-tany? Ny vidiny dia ny fahaverezan'ny fahadiovan'ny feon'ny fieritreretana, ny fahaverezan'ny fankasitrahan'Andriamanitra sy ny fisarahan'ny fanahy Aminy ary farany ny fahaverezan'ny lanitra. Ny fahotàna dia fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina ary fanoherana Azy dia mitarika any amin'ny fahaverezana.

Iza no afaka mandrefy ny andraikitry ny hery miasa mangina eo amin'ny tsirairay izay navotan'ny Mpamonjin-tsika tamin'ny alalan'ny ainy manokana? Hanao ahoana raha hanomboka ny fitsaràna ka hosokafana ny boky mba hanamarina ny faminjena na ny fahaverezan'ny fanahy tsirairay. Ny didim-pitsarana tsy miova havoakan'ilay izay niara-nonina tamin'ny olombelona dia ilaina mba hanolotra amin'ny farany ny valisoan'ireo nahatoky sy ny famaizana hoan'ireo tsy mpino ratsy fanahy. Ny fametrahana tanteraka amin'ny toerany ny tsirairay avy araka ny fitondran-tenany sy ny andraikiny dia hatolotra ny Zanak'Andriamanitra. Fotoana mahatsiravina indrindra izany ho an'ireo izay nandray anjara tamin'ny fahotàny sasany sy nanapa-kevitra hanohitra ny sitrapon'Andriamanitra.

Imbetsaka no naseho teo anatrehako ny loza ateraky ny fikololoana , amin'ny maha vahoaka antsika , hevi-diso mikasika ny fanamarinana amin'ny finoana. Naseho ahy matetika fa miasa amin'ny fomba manokana Satàna hikendry ny hampisafotofoto ny saina eo amin'io lafiny io. Nianarana sy naseho mazava ny lalàn'Andriamanitra teo amin'ny mpivory marobe izay toa tsy nana na fahalalàna ny amin'i Jesosy Kristy sy ny fifandraisany amin'ny lalàna akory , tahaka an'i Kaïna sy ny fanatiny. Naseho ahy fa betsaka no tsy tody eo amin'ny finoana noho ny hevitra misavoritaka sy manjavozavo ary koa satria nanao fahadisoana ny mpitandrina tamin'ny fanatratrarana ny fo. Ny lohahevitra izay voamarika naharitra tao antsaiko dia ny mikasika ny fahamarinana isaina an'i Kristy. Nalahelo aho raha nahita fa tsy lasa lohahevitra dinihina any amin'ny fiangonana rehetra io kanefa naseho ahy tamin'ny fahamaikàna mafy izany mba ho lasa hevi-baventy isaky ny fitoriana sy ny resadresaka ankalamanjàna ataoko.

Rehefa niverenako nodinihina ny soratanako nandritra ny dimy ambin'ny folo na roapolo taona lasa dia hitako fa nasehony mazava foana tamiko io lohahevitra io : ireo izay miditra manetriketrika amin'ny asa fanompoana masina dia tokony ho voamana mialoha hahazo lesona ny amin'ny fampianaran'i Kristy sy ny apostoly mikasika ny fitsipika velon'ny fivavahana miaraka amin'ny fampiharana. Tokony hampianarina izy ireo ny mikasika ny finoana velona sy feno zotom-pò.

Tanora maro nalefa any amin'ny sahan'asa no tsy mahalala akory na ny drafitry ny famonjena na ny fiovam-pò marina; raha ny marina dia mila ny mandalo ny fanaraman'ny fiovam-pò izy. Mila fanazavana kokoa ny amin'io lohahevitra io isika ary ny mpitandrina dia tokony hofanina mba hivelatra kokoa amin'ny lohahevitra ny fiovam-pò tena izy. Ireo izay vita batisa dia tokony hanome antoka fa niova fo izy. Tsy misy zavatra iray izay mendrika hotsindriana amin'ny hery rehetra sy haverimberina matetika ho tafalatsaka tsara ao amin'ny sain'ny rehetra dia ny tsy ahazoan'ny olombery na oviana na oviana fahamendrehana avy amin'ny asan'ny tenany manokana na dia tonga lafatra manao ahoana aza izany. Avy amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy irery ihany no ahazahoana ny famonjena.

Ellen G. White *La foi qui oeuvre* p. 3

